REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA
---------------

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2024

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION
----------------
SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES
----------------

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-18

## FANOLORANA AMIN'NY ANKAPOBENY NY VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-022/2024 MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY TETIBOLAM-PANJAKANA, TAONA 2025

Fivoriana faha-9
Natao ny
Alatsinainy 18 Novambra 2024
- Maraina -

# FIVORIAMBE

**FILOHA**: Andriamatoa TOKELY Justin

**MPITANTSORATRA**: - Ramatoa SOAFILIRA Princia
- Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson

Isan'ny Solombavambahoaka tonga nivory: 64 ; tsy tonga: 99; voaalatsiny: 00

**FOTOANA**: Alatsinainy 18 Novambra 2024, tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA**: Fanolorana amin'ny ankapobeny ny Volavolan-dalàna laharana faha-022/2024 momba ny lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana, taona 2025.

Nitohy ny Alatsinainy 18 Novambra 2024, tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa TOKELY Justin, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny Solombavambahoaka sy Ramatoa Minisitry ny Toekarena sy Fitantanam-bola ary ny mpiara-miasa aminy, Andriamatoa Filoha dia nanambara ny fitohizan'ny fivoriana.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra ny tenany mba hanao ny fiantsoana anarana.
Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson, Mpampakateny Jeneraly Lefitry ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny nanatontosany izany, Andriamatoa Filoha dia nanambara ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Nomarihany taorian'izay, fa ho fanampiana ny Solombavambahoaka amin'ny famakiana ny volavolan-dalàna mikasika ireo fotokevi-dehibe ao aminy no anton'izao fanolorana amin'ny ankapobeny ny lalàna hifehy ny tetibola, taona 2025, androany izao. Mbola hisy asam-baomiera handinihana azy amin'ny antsipiriany sy ahafahana mametraka fanontaniana momba ity volavolan-dalàna ity mandritra ny andro vitsivisty. Izany hoe, tsy hisy ny fametraham-panontaniana tokony hataon'ny Solombavambahoaka, fa fihainoana an-dRamatoa Minisitra amin'ny fanolorana no atao anio.

Rehefa izany, niangavy an-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, mba handroso eny anoloana hanao ny fampahafantarana amin'ny ankapobeny ny volavolan-dalàna laharana faha-022/2024 mifehy ny Tetibolam-panjakana, taona 2025, Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, nisaotra azy tamin'ny fanomezana fitenenana, Ramatoa Minisitra ary toy izao no teny nambarany:

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena, hajaina;
Ramatoa sy Andriamatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;
Ramatoa sy Andriamatoa Filohan'ny Vaomiera isan-tokony eto anivon'ny Antenimierampirenena;
Ramatoa sy Andriamatoa Solombavambahoakan'i Madagasikara rehetra, hajaina;
Tompokolahy sy Tompokovavy,

Manolotra ny arahaba ampanajana anareo rehetra tsy ankanavaka ary manolotra sahady ihany koa ny fisaorana amin'ny fahavononanareo maro eto anio.

Toy ny fanao isan-taona sy ho fampiharana ny andininy faha-92 ao amin'ny Lalàmpanorenana, tonga eto anivon'ny Antenimierampirenena izahay avy amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola mitondra ny volavolan-dalàna hifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2025.

Amin'ny anaran'ny Governemanta iray manontolo no itondrana fanazavana eto satria ity volavolan-dalàna atolotra eto androany ity dia narafitra niaraka tamin'ny Governemanta rehetra sy nankatoavina teo anivon'ny Filankevitry ny Minisitra tamin'ny 29 Oktobra 2024.

Tsy hadino tamin'izany nandrafetana azy izany koa ny nampandray anjara an'ireo sehatra tsy miankina sy ny Fiarahamonim-pirenena tamin'ny alàlan'ny adihevitra izay nokarakarain'ny EDBM nantsoina hoe: "Dialogue Public Privé" sy ireo "Conférences Budgétaires" natao isam-paritra efa nanomboka tamin'ny volana Aprily 2024.

Andriamatoa Filoha; ianareo Solombavambahoaka hajaina,
Raha tsiahivina kely dia andry lehibe 3 no ifaharan'ny Politikam-Panjakana Ankapobeny, ka tetibola mitodika kokoa amin'ireo andry 3 ireo izany no hitantsika ao anatin'ity volavolan-dalàna ity.

Marihana etỳ ampiandohana fa ny andininy faha-19 ao amin'ny Lalàna Fehizoro larahana faha-2004-007 tamin'ny 26 Jolay 2004 mamaritra ny Lalàna Fehizoro mifehy ny Tetibolam-panjakana na LOLF dia ahitana ny fepetra ahafahana manao "mouvements de crédits" na fifamindrana vola, raha toa sendra ilaina izany eny antenantenan'ny taona eny rehefa tsy mikasika ireo antsoina hoe "grandes rubriques" na ireo fizarana ny tetibola lehibe.
Ny andininy faha-20 amin'io Lalàna io ihany koa dia mamela antsika hampiditra amin'ny alàlan'ny didim-panjakana fidiram-bola fanampiny raha toa misy vola miditra tampoka eny antenantenan-taona ka tsy mihoatra ny 1%-n'ity volavolan-dalàna atolotra eto ity kanefa ilaina ampiasaina maika.

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Ny itondrantsika ny fanazavana amin'ity tetibola ity eto anio dia mizara 4 lehibe:
- Eo amin'ny lafiny ara-toekarena no anombohana azy,
- Eo amin'ny lafiny fampidiram-bola ny manaraka,

- Eo amin'ny lafiny fandaniam-bola rehetra mikasika ny karama, ny fandaniana andavan'andro sy ny fandefasam-bola amin'ny sehatr'asa isan-karazany ny fahatelo
- ary hatokatsika ivelan'ireo kosa ny mombamomba ireo tetikasa lehibe mamaritra ny ampahany ngeza indrindra amin'ny tetibola taona 2025.

**1-Eo amin'ny lafiny toekarena**

- Maminavina ny hahatratra tahan'ny harinkarena faobe eo amin'ny 5% eo isika ho an'ny taona 2025 noho ireo ezaka efa vita tamin'ny fanavaozana ireo lalàna isan-karazany mifehy ny seha-pihariana maro.

- Anisan'ireo ezaka vita ka mety hahitana vokany eo amin'ny toekarena ny fanavaozana rehetra eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany, ny fanalalahana ny tontolon'ny fifandraisan-davitra, ny fanatsarana ny lalànan'ny fampiasam-bola (code des investissements), sns …

- Ny tena hanova ny harinkarena faobe eto Madagasikara ho an'ny taona 2025 dia ny ezaka hatao eo amin'ny lafiny fambolena, indrindra ny fambolem-bary. Raha mamokatra 2,5 taonina isaky ny hektara isika hatramin'izay tamin'ny fomba fambolentsika mahazatra sy ny masomboly mahazatra ka miteraka tsy fahampiam-bary eo amin'ny fito tapitrisa taonina (7 000 000 tonnes) isan-taona eo ho an'i Madagasikara manontolo, izay voatery afarantsika any ivelany. Amin'ny masomboly vaovao hovidina amin'ny taona 2025 kosa, masomboly vary safiotra, ka hamokatra 8 hatramin'ny 12 taonina isaky ny hektara isika ka hahazo vokatra mihoatra noho ny ilaintsika. Ao anatin'ny 120 andro monja dia efa miaka-bary io masomboly vaovao hovidintsika io. Efa hitantsika ao anaty tetibola ny hividianana ireo masomboly ireo. Hampiakatra ny fidiram-bolan'ny tantsaha ihany koa izany, ka hahafahan'izy ireo miverina mividy masomboly manaraka hatrany.

- Ny sehatry ny jono dia hitondra fiakaran'ny harinkarena manokana satria vinavinaina hahatratra hatramin'ny 220 000 taonina ny vokatra amin'ny taona 2025 raha 106 116 taonina izany amin'ity taona 2024 ity.

- Ny fizahantany dia ezaka manokana hatao amin'ny taona 2025 noho ireo mpiara-miasa vaovao amin'i Madagasikara, toa ny "Fly Emirates", izay eritreretina fa hampitombo ny harinkarenan'io sehatra io amin'ny taha +14,4%.

- Torak'izay ny fifandraisan-davitra, vinavinaina hitondra harinkarena eo amin'ny +13,4% eo.

Ny andindinin'izany dia hohalalinina manditry ny asam-baomiera mbola hatao aorian'izao famelabelarana ankapobeny izao.

**2 -Eo amin'ny fampidiram-bola**

Iarahana mahalala fa ny vola tokony havoaka dia izay vola efa nampidirina ihany. Ny dikan'izay, mila manatsara ny fampidiram-bola isika mba ahafahana miatrika an'ireo fandaniana rehetra ireo.

- Ho an’ny taona 2025, vinavinaina hahatratra 13 059 Miliara Ariary eo ny vola ezahina hampidirina (revenus et recettes) ka:
- 9 994 Miliara Ariary amin’izay avy amin’ny hetra anatiny sy ny hetra ary haban-tseranana eny ambaravarana,
- 592,6 Miliara Ariary, avy amin’ny fampidiram-bola tsy ara-ketra (recettes non fiscales),
- 26,37 Miliara Ariary, fanampiana ara-bola tsy averina,
- 2 245 Miliara Ariary, vola eritreretina ho azo avy amin’ny famatsiam-bola avy any ivelany.

- Amin’izay hetra anatiny izay, misy ireo hetra vaovao nampidirina amin’ity tetibola ity:
- Anisan’izany ny hetra alaina amin’ny fandefasana vola amin’ny alàlan’ny finday izay kely dia kely ny taha halaina satria raha 20% no hetra mahazatra eto Madagasikara, 0,5% fotsiny ihany io hetra vaovao io. Tsy tokony hanova ny vidin’ny fifandraisana velively izany ary ny ankamaroan’ny firenena rehetra dia manana an’izay hetra izay avokoa.

- Ao ihany koa ny hetra halaina amin’ny zavatra eritreretina fa mety hanampy trotraka ny fahasimban’ny tontolo iainana satria miara-mahita isika fa mihamahery hatrany ny vokatry ny fanimbana ny tontolo iainana. Miditra tsikelikely ao anatin’ny antsoina hoe “taxonomie verte” isika, ka ireo fanafarana sy fampidirana ary fampiasana plastika eto Madagasikara dia andoavana “droit d’accise” manomboka eo amin’ny 2% eo.

- Ankoatra ireo, misy lisitra fanalefahana ara-ketra (dépenses fiscales) mitentina eo amin’ny 280 Miliara Ariary izay hofoanana amin’ny taona 2025. Izany hoe, misy hetra nahena ny tahany teo aloha dia averina amin’ny taha ara-dalàna indray amin’ny taona 2025. Lavalava ihany ny lisitr’izay ka hohitantsika amin’ny asam-baomiera ny andinindininy.

**3 -Eo amin’ny lafiny fandaniana**

Ny totalin’ny fandaniana hitantsika ao anatin’io tetibola io dia mahatratra 16 294 Miliara Ariary: ao anatin’izany ny fampiasam-bolam-panjakana hitentina 14 408 Miliara Ariary, ao ihany koa ny fandoavana ny zanabolan’ny trosam-panjakana nifandimby hatrizay sy ireo fanoratana ny fandaniana tsy maintsy ampidirina ao anaty kajy kanefa tsy voatery misy vola mivoaka (opération d’ordre).

Raha oharina amin’ny vola miditra ny vola havoaka, hitantsika fa mbola misy elanelana ihany ary mbola tsy haharaka ny vola vinavinaina havoaka koa ny vola vinavinaina hiditra amin’ny alàlan’ny hetra anatiny, ka mety hiteraka “déficit” na tsy fahampian’ny tetibola eo amin’ny 2,9%-n’ny harinkarena faobe eo raha toa 4,3% izany tamin’ity taona 2024 ity.

Mikasika ny fampiasam-bolam-panjakana anatiny, hizara 3 ny fanazavana momba an’izany. Voalohany, mikasika ny karama sy ny fampidirana mpiasa; faharoa, ny fampiasam-bola andavan’andro (dépenses de fonctionnement) ary ny fahatelo dia ny fampiasam-bola amin’ny hanam-pamokarana (dépenses d’investissement).

3.1- Eo amin’ny lafiny karama sy fampidirana mpiasa:
- Hahatratra 3 846 Miliara Ariary ny karama haloa amin’ny taona 2025. Izany hoe, hitombo 0,84% na 31,8 Miliara Ariary raha oharina tamin’ny vola naloa tamin’ny taona 2024.
- ao anatin’izany totalim-bola karama izany dia hahitana fampidirana mpiasam-panjakana vaovao miisa 6 650.

Mizarazara toy izao izany:
- 1 000 ho an'ny Minisiteran'ny Foloalindahy,
- 1 000 ho an'ny Zandarimaria,
-1 000 ho an'ny Polisim-pirenena,
- 300 ho an'ny Fahasalamam-bahoaka,
- 3 000 ho an'ny Fampianarana Ankapobeny,
- 250 ho an'ny Fampianarana Teknika,
- 250 ho an'ny Fampianarana Ambony.

Ankoatr'ireo voatanisa ireo, tsy misy fampidirana mpiasam-panjakana.

Eo amin'ny tambin-karama (indemnité), izay tetibola natao handoavana ny karaman'ireo miasa eny anivon'ny Andrimpanjakana ny ankamaroany dia tsy nihetsika raha miohatra amin'ny tetibola taona 2024. Izany hoe, 244,8 Miliara Ariary ihany no tetibolan'ny tambin-karama ho an'ny taona 2025, mitovy amin'ny voasoratra tamin'ity taona 2024 ity ihany.

3.2 - Eo amin'ny lafiny fampiasam-bola fampandehanana raharaha andavan'andro sy famindrana vola (dépenses de fonctionnement et dépenses de transfert):
Mba ho ezaka iarahana amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara, nahena 10% avokoa ny fampandehanan-draharaha andavan'andro sy ny famindrana vola ho an'ny rafitra rehetra tsy ankanavaka, eny fa na ny an'ny Fiadidiana ny Repoblika sy ny Primatiora aza. Voalohany nanaiky izany ny Filohampirenena sy ny Praiminisitra.

Izany vola nahena izany dia nafindra avokoa ao amin'ny fampiasam-bola amin'ny hanam-pamokarana (investissement) mba hiatrehana amin'ny fomba maharitra ireo olana iainan'ny vahoaka isan'andro; tsy inona izany fa ny olan'ny jiro sy ny vary hohanina andavan'andro.
Raha tany amin'ny fanampiana ara-bola na «subvention de fonctionnement» no nataon'ny Fanjakana hatrizay ho an'ireo olana ireo, amin'ny taona 2025 kosa, fanampiana ara-pitaovana no hatao mba ho vahaolana maharitra. Tsy hita maso loatra mantsy ny fahafahapon'ny vahoaka tamin'ny fanomezana fanampiana ara-bola na «subvention de fonctionnement» ho an'ny JIRAMA kanefa ny volam-panjakana mitobaka any avokoa ka tena mila miova famindra isika raha te-hahazo vokatra hafa.

3.3- Mikasika izay fampiasam-bola amin'ny hanam-pamokarana izay (dépenses d'investissement), raha manodidina ny 1 000 ka hatramin'ny 1 300 Miliara Ariary eo ny «investissements en moyenne» nandritra ny 5 taona lasa, amin'ny taona 2025 kosa hiakatra 2 368 Miliara Ariary. Izany hoe, maminavina ny hampiasa vola avo roa heny isika amin'ny famokarana. Araka ny efa nambara teo, lasa nafindra nankao avokoa ireo vola nesorina tamin'ny fampiasam-bola andavan'andro.

Izay indrindra no iresahantsika mitokana an'ireo lisitry ny fampiasam-bola ho an'ny hanam-pamokarana.

**4- Ireto avy ireo tetikasa lehibe izay nametrahana vola be indrindra ao anatin'ity tetibola taona 2025 ity**

Tsara marihana fa mizara roa ireo lisitry ny tetikasa hita ao anatin'ny tetibola, taona 2025:

- Voalohany, tetikasa vatsian'ny hetra anatiny izay mahatratra 2 368 Miliara Ariary araka ny voalaza teo. Ireo no ezahantsika fintinina eto androany; na izany aza, tsy ho voatanisa eto avokoa izy ireo fa manentana antsika hamaky ny boky, indrindra ho an'ireo tetikasa isaky ny Minisitera.
- Faharoa, ny tetikasa vatsian'ny famatsiam-bola avy any ivelany, mahatratra 5 897 Miliara Ariary ary efa mifampitohy amin'ny taona teo aloha ny sasany tamin'ireo vola sy tetikasa ireo ary mbola misy hifampitohy amin'ny taona 2026 koa. Ireto kosa tsy ho afaka afohezina etoana satria tena maro dia maro fa hitantsika ao amin'ny "Tome 2" tovana faha-9 ao anaty boky izany.

Toy izao manaraka izao ireo tetikasa anisany lehibe hovatsiantsika avy amin'ny hetra anatiny, izay hofitinintsika eto:
Ao anatin'ny 2 368 Miliara Ariary natokana ho famokarana dia zavatra 2 lehibe no azo avoitra:
- Ny fividianana masomboly vaovao izay mitentina 573 Miliara Ariary ka ny 116 Miliara Ariary no haloantsika avy amin'ny tetibola anatiny misoratra amin'ny tetibolan'ny Sekreteram-panjakana misahana ny Fahavitan-tena Ara-tsakafo ary 456 Miliara Ariary kosa avy amin'ny famatsiam-bola any ivelany. Voalohany i Madagasikara no manokana tetibola lehibe toy izany amin'ny fambolem-bary mba hanatrarana ny tanjona ho fahavitan-tena ara-tsakafo. Eo amin'ny 120 andro eo dia mamokatra io masomboly safiotra hovidintsika io, ka sady tsy mila manafatra vary intsony i Madagasikara no mitombo ny vola miditra amin'ny tantsaha ary afaka indray miverina mividy masomboly ho azy izy ireo. Averina ihany ny zavatra efa nazavaina teny ampiandohana, fa raha 2,5 taonina isaky ny hektara no vokatra azontsika amin'ny vary amin'ny fomba fambolentsika mahazatra sy ny masomboly mahazatra, amin'ity masomboly safiotra vaovao ity, hahazo 8 hatramin'ny 12 taona isaky ny hektara ny mpamboly. Efa nijery ny toerana sy ny orinasa hividianana izany masomboly izany ny Filohampirenena rehefa namita iraka tany "Chine" tamin'ny volana Septambra lasa teo.

- Iarahantsika miaina ihany koa ny fijaliana amin'ny resaka jiro, ka nisafidy ny hamaha ny olana amin'ny fomba maharitra ny fitondram-panjakana mba tsy hoe vola fanampiana solika foana no alefa ka may anaty "groupe" any fotsiny ary tsy hita taratra foana ny ezaka vita. Ny vahaolana maharitra hapetraka amin'ny taona 2025 dia fanomezana "subvention d'équipements" amin'ny alàlan'ny fanohizana fividianana "parcs solaires" sy "éoliennes" hamokatra jiro hozarain'ny JIRAMA, famaranana ny fividianana ny "centrale thermique" hampiasain'ny JIRAMA, fividianana "kits solaires" ho an'ny vahoaka tena sahirana, fividianana "panneaux solaires" ho an'ireo tokantrano salantsalany. Izany rehetra izany dia hampitombo 562 Miliara Ariary ny tetibolan'ny Minisiteran'ny Angovo.

Ireo tetikasa roa ireo izay efa hahatratra 1 135 Miliara Ariary no handany ny antsasaky ny tetibolam-pamokarana ho an'ny taona 2025. Mazava be izany ny laharam-pahamena ho an'ny taona 2025 fa jiro sy vary.

- Eo amin'izay lafiny izay ihany, hisy ny famadihana ny fanariam-pakon'Andralanitra ho lasa "incinérateur de déchets" na fandorana fako ka hamokatra herinaratra eo amin'ny 30 MW eo. Efa nametrahana tetibola manokana izany amin'ny taona 2025 ary efa niroso tamin'ny adihevitra ho fanatanterahana izany ny Filohampirenena niaraka tamin'ny orinasa efa nahavita "incinérateur" lehibe tany amin'ny firenena Afrikana hafa.

- Tsy hadino akory ny olan'ny rano. Mitohy hatrany ny fanohizana ny "pipeline" any Atsimo. Ny fanamboarana ireo fantsona efa antitra rehetra eto amin'ny renivohitra dia famatsiam-bola avy any ivelany no hanatanterahana azy.

- Ankoatr'ireo laharam-pahamehana lehibe roa ireo, misy ihany koa vola natokana ho an'ny fanohizana ny tetikasa Ankohonana Miarina. Marihana fa tetikasa entina hanavotana ireo tena sahirana tsy manana trano ialofana ka hafindra monina eny amin'ny toerana azony hamboleny sy hiompiany.

- Eo amin'ny asa vaventy, hitohy ny fanamboarana ny làlambe mikodana mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina ary horaisin'ny fanjakana an-tànana ny fandaniana mikasika ny fanamboarana ny ampahany tsy ao anaty famatsiam-bola ivelany ny RN 13 Ikalamainty-Ambovombe sy ny RNT 42 mba ho fanohizana ny antsoina hoe "route du soleil". Ny "route du soleil" dia làlana mampitohy ny farany atsimon'ny nosy hatrany amin'ny farany avaratra mandalo any amin'ny morontsiraka atsinanana rehetra izay toerana ahitana vokatra hampihodinana ny toekarena. Misy amin'izy io no efa anaty famatsiam-bola ivelany, fa misy ampahany koa amin'ny famatsiam-bola anatiny ary hitantsika ao anaty tetibola taona 2025 izany.

- Toy ny fanomezana "engins" izay efa natao ho an'ny Faritra dia anjaran'ny Kaominina sasantsasany indray no hisitraka "engins" mba hanaovana ny asa fanamboaran-dàlana madinika na hoe "point à temps" izay tsy tokony hiandrasana fanamboarana avy amin'ny fitondrana foibe. Ny Minisiteran'ny Fitsinjaram-pahefana no hiandraikitra ny fividianana sy ny fizarana an'izany satria misoratra aminy izay tetibola izay.

- Ho an'ny sehatry ny fampianarana, mitohy hatrany mandritra ny taona 2025 ny fanamboarana fotodrafitrasa na eny amin'ny fampianarana ankapobeny izany na ny fampianarana teknika na ny fampianarana ambony.

- Fotoana izao hanandratantsika ny asa tànana vita Malagasy mba hampitombo ny vola miditra amin'ny mpamokatra Malagasy. Izany indrindra no hanamboarana ny "village artisanal" mba hanampiana ny fidiram-bolan'ny Malagasy mpamokatra izany. Ny tanjona dia mba hahafahan'izy ireo mivarotra sy mampidi-bola mandritra ny hetsika iraisam-pirenena hokarakaraintsika amin'iny taona 2025 iny.

- Mbola ao anatin'izay hetsika lehibe horaisintsika amin'ny taona 2025 izay, araka ny kabarin'Andriamatoa Filohampirenena, efa henontsika fa hividy "bus" isika hanamaivanana ny fivezivezena mandritra ireo fotoana ireo, efa ao anaty tetibolan'ny Minisiteran'ny Fitaterana koa izany sorabola izany.

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena, hajaina;
Ramatoa sy Andriamatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;
Ramatoa sy Andriamatoa Filohan'ny Vaomiera isan-tokony eto anivon'ny Antenimierampirenena;
Ramatoa sy Andriamatoa Solombavambahoaka, hajaina;

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Toy izay raha fehezina tsotsotra ny mikasika ity volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana, taona 2025 ity. Ankininay tanteraka amin'ny fahendren'ny Solombavambahoaka ny fandinihana azy.

Araka ny efa nambara tany ampiandohana, ny Filankevitry ny Minisitra tamin'ny faha-29 Oktobra 2024 lasa teo no nankatoa azy ity.

Eto ampamaranana, amafisiko fa vonona ny tomponandraikitra rehetra eto anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola hitondra fanazavana fanampiny sy hiady hevitra mandritra ny asam-baomiera hotanterahina manomboka ny faha-27 Novambra 2024 ho avy izao raha ny tetiandro voarainay.

Inoako fa hizotra ao anatin'ny fifanajana sy firahalahiana tanteraka ny dinidinika hatao ary indrindra mba hitondra vokatsoa ho an'ny firenentsika sy ny mpiara-belona amintsika izay rehetra hotapahana eto.

Izay no lava, izay no fohy fa mankasitraka Tompokolahy, mankatelina Tompokovavy.

Taorian'izay, nisaotra an-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Andriamatoa Filoha, tamin'ny fanolorana tamin'ny ankapobeny ny volavolan-dalàna laharana faha-022/2024 momba ny lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana, taona 2025.
Nomarihany fa araka ny voalaza teny ampanombohana, fa famelabelarana amin'ny ankapobeny no atao androany satria mbola handalo asam-baomiera ny volavolan-dalàna manomboka ny Alarobia faha-27 Novambra ka hatramin'ny Zoma faha-29 Novambra 2024, tapak'andro maraina. Koa entanina ny Solombavambahoaka handray anjara mavitrika amin'ny fanatrehana izany.

Rehefa izany, nomena làlana, Ramatoa Minisitra, hamonjy ny toerany.

Nanao satroka, Andriamatoa RAKOTONIAINA Lova Adrien Marie, ka fangatahana no nataony tamin-dRamatoa Minisitra hametrahana fizahan-takelaka isaky ny boky amin'izay mba moramora ny fijerena sy famakiana azy.

Tamin'ny satroka nataon-dRamatoa RATSIRAKA Sophie Soamiadana, no nangatahany ny hanomezana ny Solombavambahoaka ny volavolan-dalàna momba ny Tetibolam-panjakana, taona 2024, satria Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2024 ihany no hita ao amin'ny boky, ka lasa ho sarotra ny hanaovana fampitahana amin'ny tetobola taona 2024 sy ny taona 2025 mba hahitana ny fiovàna nentina tamin'izy ireo.

Nametrahany fanontaniana koa ny fiovàna amin'ny vola homena ny Distrika satria lasa mitovy ny valopy omena azy ireny na ho an'ny Distrika manana Kaominina vitsy na ho an'izay manana Kaominina maro mandrafitra azy. Inona no antony nahatonga izany. Nangatahany koa ny antsipirian'izany mba ahafahana miomana amin'ny asam-baomiera hatao mikasika ity volavolan-dalàna ity.

Talohan'ny niatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy Andriamatoa Filoha, fa anio Alatsinainy 18 Novambra 2024, amin'ny 3 ora, tolak'andro, hisy fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-021/2024 tamin'ny 23 Oktobra 2024 «autorisant la ratification de l'accord portant création de la Zone de Libre-Echange Continentale Africaine (ZLECaf)», ka nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba havitrika amin'ny fanatrehana izany.

Niato tamin'ny 11 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA

TOKELY Justin